

Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson

"ATAOVY LOHALAHARANA I JESOA KRISTY, SATRIA MIANKINA AMIN'NY FINONAREO AZY NY FIAINANANAREO MANDRAKIZAY."

Filoha Russell M. Nelson

# Drafitra mahavariana an'ny Ray any An-danitra

Ny drafitry ny Ray any An-danitra ho antsika dia *mahavariana*. Tena zava-dehibe ny zavatra ataontsika eto amin'ity fiainana ity. Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy no mahatonga ny drafitry ny Ray ho azo notanterahina.

Nijaly ny Mpamonjy mba hahafahany mampionona antsika sy manasitrana antsika ary mamonjy antsika amin'ireo fotoan-tsarotra. Noho ny Sorompanavotana tsy misy fetran'i Jesoa Kristy dia drafitra tonga lafatra ny drafitry ny Raintsika any An-danitra! Izany dia mamela *antsika* tsirairay avy hisafidy ny *fomba* hiainantsika.

Manasa anareo aho mba hanomboka hanana "**fisainana amin'ny fomba selestialy**"! Rehefa manana olana ianareo, dia saino amin'ny fomba selestialy! Rehefa sedrain'ny fakam-panahy dia saino amin'ny fomba selestialy! Rehefa mandiso fanantenana anao ny fiainana na ireo olona akaikin'ny fonao dia saino amin'ny fomba selestialy!

Rehefa misaina amin'ny fomba selestialy ianao dia te hivavaka matetika kokoa ary amin-kitsim-po kokoa. Ho hitanao amin'ny fahatakarana vaovao ireo fitsapana. Rehefa mieritreritra amin'ny fomba selestialy ianao dia hitombo ny finoanao.

Velona Andriamanitra. I Jesoa no Kristy. Naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonany mba hitahiana ny zanak' Andriamanitra rehetra.



COME UNTO JESUS (MANATONA AN'I JESOA), NATAON'I MICHAEL MALM

## misaina amin'ny fomba selestialy:

misaina ara-panahy sy manaraka ny ohatry ny Mpamonjy

*Namboarina avy amin'ny "Saino amin'ny fomba selestialy!"* Liahona, *nôv. 2023, 115–17.*



## Saino amin'ny fomba selestialy!

Nampianatra ny Filoha Nelson fa ny fisainana amin'ny fomba selestialy dia afaka manampy antsika hanao safidy tsara. Ataovy sary na soraty eo amin'ny sary masoandro tsirairay ny zavatra azonao atao mba hanarahana ny ohatra nasehon'ny Mpamonjy.



